# 365Tantara 05. Ny tànana.



# 05. Ny tànana.

5 Euros no vidin'ny baolina basikety iray ety an-tanako. Fa raha eny an-tanan'i Michael Jordan izy ity dia tombanan'ny olona 33 tapitrisa dolara no vidiny !
Miankina amin'ny tanana izay mihazona azy ny zavatra rehetra.



5 Euros no vidin'ny baolina basikety iray ety an-tanako. Fa raha eny an-tanan'i Michael Jordan izy ity dia tombanan'ny olona 33 tapitrisa dolara no vidiny !
Miankina amin'ny tanana izay mihazona azy ny zavatra rehetra.

Ny tehina iray ety an tanako dia hanampy ahy hihaza ny bibidia. Fa eny an-tanan'i Mosesy, dia hanaovany fahagagana sy hampisarahiny ny ranomasina ho roa !
Miankina amin'ny tanana izay mihazona azy ny zavatra rehetra.



Ny antsamotady iray ety an tanako dia kilalaon-jaza. Eny an-tanan'i Davida, dia fiadiana mahery vaika !


Miankina amin'ny tanana izay mihazona azy ny zavatra rehetra. Mofo dimy sy hazan-drano roa ety an-tanako mety afaka hamahana fianakaviana iray.

Fa ny eny an-tanan'Andriamanitra dia an'arivony no hihinana ka ho voky !

Ny fantsika ety an tanako hampiasaiko hanaovako dabilio na seza.

Fa ny fantsika eo an-tanan'I Jesosy Kristy dia mahavonjy ny olombelona rehetra!

Miankina amin'ny tanana izay misy azy ny zavatra rehetra.



Araky ny fahitanao azy izao, dia miankina amin'ny tanana izay miandraikitra ny asa ny zavatra rehetra !

Koa apetraho ary ny fanahianao, ny tahotrao, ny fikirinao, ny ankohonanao, ny fifandraisanao, ny fiainanao an-tanan'Andriamanitra satria ...

Miankina amin'ny tanana izay misy ny rehetra ny zavatra rehetra.